REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

# TATITRY NY FILANKEVITRY NY MINISITRA NATAO TAO AMIN'NY LAPAM-PANJAKANA IAVOLOHA
## ALAROBIA 23 MARTSA 2022

**NOTANTERAHINA TAO AMIN'NY LAPAM-PANJAKANA IAVOLOHA NY FILANKEVITRY NY MINISITRA ANDROANY IZAY NOTARIHIN'NY FILOHAM-PIRENENA ANDRY RAJOELINA ARY NAHITANA NY PRAIMINISITRA SY IREO MINISITRA ISAN-TOKONY**

## I- FAMPITAM-BAOVAO

**MINISITERAN'NY FITSARANA**

**Nankatoavina ny fangatahana alalana hikarakara fifaninanana ho fandraisana mpiasam-panjakana miisa 1 220 eo anivon'ny Minisiteran'ny Fitsarana.**

Mba hisian'ny fampandehanan-draharaha milamina sy mahomby, sy ho fametrahana fitsarana azo itokisana, misokatra ho an'ny rehetra ary manaja ny zon'Olombelona, dia ilaina ny fandraisana mpiasa vaovao voahofana sy mahay ary ampy isa ho fanatevenana ireo mpiasa eo anivon'ny minisitera. Koa nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny fandraisana mpiasam-panjakana miisa 1 220 izay mifanaraka amin'ny voasoratra ao anatin'ny Tetibolam-panjakana 2022. Izany dia mitsinjara toy izao :

- 100 mpianatra ho « magistrats »
- 200 mpianatra ho « greffiers des services judiciaires »
- 20 mpianatra ho « inspecteurs d'administration pénitentiaire »
- 50 mpianatra ho « contrôleurs d'administration pénitentiaire »
- 50 mpianatra ho « éducateurs spécialisés »
- 50 mpianatra ho « greffiers comptables »
- 50 mpianatra ho « encadreurs d'administration pénitentiaire »
- 700 mpianatra ho « agents pénitentiaires »

Nampahatsiahy ny Filoham-pirenena fa isan'ny fanamby napetratsika ny fisian'ny fifaninana fandraisana ho mpiasam-panjakana madio sy tsy misy kolikoly. Koa dia mila arahina maso izao fifaninanana hatao atsy ho atsy izao. Efa nisy ezaka mikasika izany tamin'ilay fifaninana hiditra ho mpitsara farany teo. Ary ny tompon'andraikitra isan-tokony dia tsy tokony hanaiky mihitsy ny fisiana tsindry na « interventions » ataon'ny tompon'andraikitra na voatendry io na voafidy mikasika izany.

**MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

**Nankatoavina ireo fepetra fanalefahana ny hetra aloan'ny orinasa ho fanarenana aorian'ny covid-19.**

Noho ny krizy ara-pahasalamana, izay nampian'ny fandalovan'ny rivodoza teto amin'ny firenena, dia noraisina ny fepetra fanamaivanana ny fomba famoahana ireo karatra fandoavan-ketra eny anivon'ireo toerana fanaovana izany, mba tsy ho sakana ho an'ny fanarenana ny toekarena. Ny antony dia satria marobe ny orinasa tsy Nahaloa ny hetra tokony nalohany vokatry ny tranga nifanesy. Arak'izany dia afaka mahazo "carte fiscale" ny orinasa na dia tsy nahafeno ny fepetra, tsy maintsy hefaina kosa ireo hetra araka ny tetiandro ifanarahana amin'ny sampan-draharaha ny hetra. Isan'ny tafiditra ao anatin'ireo fepetra maro hanohanana ny fanarenana ny toekarena izao, indrindra ho an'ny sehatry ny fitaterana sy ny fizahantany izay tena voa mafy tokoa noho ny krizy.

**MINISITERAN'NY FILAMINAM-BAHOAKA**

**Fampahafantarana ny vokatry ny fidinana ifotony nataon'ny Minisitry ny Filaminam-bahoaka teny amin'ny seranam-piaramanidina Ivato, ny 23 sy 26 febroary 2022, nanarahana maso ireo fepetra rehetra misy mialoha sy aorian'ny sidina. Izany no natao dia mba hijerena izay fomba ahafahana manafoana ireo » trafics illicites » ahafahana misoroka ny fanondranana harem-pirenena.**

Maro ireo lesoka hita.

Mba hanarenana izany, dia nanolotra ireto soso-kevitra ireto ny Minisiteran'ny Filaminam-bahoaka ary nampian'ny Filoham-pirenena :

- Ny amin'ny tokony hanomezana fampiofanana manokana an'ireo mpiasa mialohan'ny hamerenana azy ireo eo amin'ny ambaratonga PAF.
- Ny fanaraha-maso ny arofenitra na "protocoles" eo anivon'ny minisitera sy andrim-panjakana. Misy ny fanararaotana mikasika ny fisian'izany « agents protocoles » maro miditra eny amin'ny seranam-piaramanidina izany. Arak'izany dia hoferan'ny Fanjakana ny lisitr'ireo « protocoles » afaka miditra any amin'ny « sous-douane »
- Ny "passeports diplomatiques" dia tsy tokony hijanona any amin'ny olona misitraka azy fa any amin'ny Ministeran'ny raharaham-bahiny. Tsy ampiasaina raha tsy misy iraka atao ary miaraka amin'ny "ordre de mission". Voafaritry ny didy aman-dalàna ireo sokajin'olona tokony afaka mampiasa ny « passeport diplomatique ».
- Hojerena izay hanatsarana ny toerana hametrahana ireo "caméras de surveillance" rehetra mba ahafahan'ny Fanjakana manara-maso tsara ny fijerena ireo mety ho endrika fanondranana antsokosoko
- Ny fametrahan'ny Ravinala Airports mpandray vahiny na "hotesses", izay hanome toro-lalana an'ireo mpandeha,
- Ny fanaovan'ireo "organismes de rattachement" akanjo misy famantarana manokana toy ny "gilets"
- Ny fanavaozana ny trano fanaraha-mason'ny polisin'ny sisintany.
- Ny fametrahana sivana amin'ireo toerana fidirana ho an'ny daholobe.
- Ny fahamailona sy fanaraha-maso manoloana ny firongatry ny fananganan-jaza sy fandefasana zaza any ivelany.
- Ny famerana ny fampiasana ny "badges" amin'ny alalan'ny fanolorana ny "Ordres de Mission" sy ny fanesorana ara-dalàna ny "badges" mpitsidika ary koa ny famenoana ny takelaka fampahafantarana ho an'ny arofenitra rehetra.

- Fametrahana toby fanaraha-maso sivana na "Poste d'Inspection Filtrage" (PIF) mba hampirindra ny fivezivezen'ireo mpandeha.
- Ary ny fametrahana fitaovana fanaraha-maso sy fanivanana ao amin'ny efitrano fandraisana ireo entana

Efa mizotra mankany amin'ny fanovana ireo Polisy miasa ao amin'ny seranam-piaramanidina ny Minisitera saingy mbola handalo fanofanana ireo polisy hiasa eny amin'ny seranam-piaramanidina.

**MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY INDOSTRIA, NY VAROTRA SY NY FANJIFANA**

**Nankatoavina ny fanatanterahana ny "acte notarié" mahakasika ny fifanekena fampanofàna tany (bail emphytéotique) izay manana velarana 1400 Ha ao Brickaville, nifanaovan'ny SIRAMA tamin'ny Orinasa SASM SA.**

Izany dia tafiditra ao anatin'ny fiaraha-miasa amin'ny famelomana indray ny orinasa mpamokatra siramamy ao Brickaville, taorian'ny fifanarahan-piaraha-miasa nifanaovan'ny orinasa SIRAMA sy ny Orinasa VIDZAR.

**MINISITERAN'NY SERASERA SY NY KOLONTSAINA**

**Nankatoavina ny famerenana ireo hetsika ara-javakanto sy ara-kolontsaina**

Noho ny fihanaky ny Covid-19 dia anisan'ny fanapahan-kevitry ny Filankevitry ny Minisitra ny nampidirina ny Faritra Analamanga sy Vakinankaratra ary Matsiatra Ambony tao anatin'ny fepetra fahamailoana ara-pahasalamana na « vigilance sanitaire ». Ka ho famerana ny fiparitahan'ny Covid-19, dia norarana ny fanangonana olona maherin'ny 100 amin'ny toerana mihidy sy ny famoriam-bahoaka.

Ankehitriny kosa, efa hita ho mihena be ny isan'ny olona voan'io aretina. Noho izany, tsapa fa tsy mifanaraka intsony amin'ny zava-misy ankehitriny izany fepetra izany. Arak'izany dia afaka miverina manatanteraka ireo hetsika ara-kolontsaina ireo mpanakanto. Miverina amin'ny laoniny ihany koa ny fivoriana ara-pivavahana, ara-pinoana. Isan'izany ihany koa ny hetsiky ny mpihira gasy izay afaka miverina manao ny asany.

**Nankatoavina ny fampitam-baovao hirosoana amin'ny fanombohana ny asa fananganana ny Trano fanaovan-gazety sy ireo Mpanao gazety » na « Maison de la Presse » eo anivon'ny tanàna vaovao Tanamasoandro**

Rehefa nahazo ny fankatoavan'ny Filankevitry ny Minisitra ny minisitera ny 02 jona 2021 dia niditra tamin'ny fanaovana antso tolo-bidy na « procédure de passation de marché », araka ny voafaritry ny lalàna manan-kery. Ankehitriny, efa nisy ny orinasa voasafidy tao anatin'ireo mpanao tolo-bidy izay hanatanteraka ny asa.

Taorian'ny fifampidinihana tamin'ny Sekretariam-panjakana misahana ny tanàna vaovao sy ny toeram-ponenana dia fantatra fa velaran-tany mirefy 4 Ha mizara roa na 2 Ha x 2 no nomena ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolontsaina, ahafahany manorina ireo fotodrafitrasa ao anatin'ny tetikasa Tanamasoandro ho an'ny sehatry ny serasera sy ny kolontsaina.

**MINISTERAN'NY FAMPIANARANA AMBONY sy ny FIKAROHANA ARA-TSIANSA**

**Nankatoavina ny fampitam-baovao mikasika ny fangatahana alalana hanatanterahana ireo « Nouveaux projets Emergents » an'ny Minisitera ka isan'izany ny fametrahana « Campus universitaires » miisa 3 sy « Dortoirs » miisa telo ihany koa**

Koa isan'ny hananganana izany ny any Mandritsara, Manakara ary Ambatondrazaka. Hatao ao anatin'ny fandaharanasa ihany koa ny hametrahana Oniversite any Ambovombe Androy ary ireo faritra maro hafa eto Madagasikara

**MINISITRY NY FANABEAZAM-PIRENENA**

**Nankatoavina ny fampitam-baovao mikasika ny fangatahan'ny Minisitera hampiasa ny vola natokana hanatanterahana ny NPE na « Nouveaux Projets émergents » amin'ity taona 2022 ity**

Nahazo vola 5O miliara ariary ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena hanatanterahana ireo tetikasa vaovao ireo ka toy izao manaraka izao no eritreretin'ny Minisitera handaniana azy

- Fanamboarana sekoly manara-penitra :
- Fanarenana sekoly
- Fanamboarana, fampitaovana ny tranon'ny Ministera ao Anosy
- Fividianana latabatra sy dabilio ho an'ny Mpianatra manodidina ny 45 000
- Fanohizana ireo asa fanorenana niato
- Fanohizana indray ireo asa tsy mbola nanomboka nefa tokony efa natao
- Fividianana sy fandefasana any amin'ny Faritra ireo fitaovana anampiana ny ankizy mpianatra toy ny « sandales, tabliers » ary latabatry ny mpampianatra

Tanjona amin'ny fampiasàna io vola io, ny mba hisian'ny fitantanana mahomby ny fandaniam-bola, ny hampiroborobo ny rafi-panabeazana azon'ny rehetra sitrahana sy ara-drariny, ny fanatsarana ny kalitaon'ny fampianarana, ary ny fanatsarana ny fitantanana sy ny fitarihana.

**Nankatoavina ihany koa ny fampitam-baovao mikasika ny fanapahana ny fifanaraham-piaraha-miasa hosoka sy tsy mitombona sy ny fanapahana ny karaman'ireo olona izay nisitraka izany teo anivon'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena**

Nandritra ny asa fanamarinana sy fanaraha-maso ny fizotry ny fandraisana mpiasa tamin'ny alalan'ny informatika, nataon'ny minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena ny volana janoary 2022, dia fantatra fa maherin'ny 200 ny fifanarahan'asa tsy ara-dalàna.

Manoloana izany hosoka izany, dia nandray ny fepetra manafoana ireo fifanarahana sandoka ireo ny minisitera, sy manatsahatra ny fanomezana « immatriculation » ho an'ireo mbola an-dalam-pikarakarana, ary ny fampiatoana ny karaman'ireo mpiasa efa nahazo « immatriculation » sy efa nandray karama.

Efa mandeha ny famotorana anatiny amin'izao fotoana izao mba hahitana ireo olona tafiditra amin'ity raharaha ity. Efa nisy ihany koa ny fametrahana fitoriana noho ny fanaovana kolikoly, ny fanaovana hosoka sy fampiasana hosoka ary koa noho ny « cybercriminalité » teny anivon'ny « Pôle Anti-Corruption du Premier Degré d'Antananarivo ».

**MINISITERAN'NY FAMBOLENA sy ny FIOMPIANA**

**Nankatoavina ny fampitam-baovao mikasika ny fangatahana fanohanana amin'ny fitantanana sy ny fifehezana ny aretina mahazo ny omby na ny « épizootie de syndrome de la maladie diarrhéique bovine » na aretin'omby eto Madagasikara.**

Izany aretina izany dia miseho amin'ny fivalanana arahin-drà mahazo ireo omby tratran'izany. Marihina fa tsy misy ifandraisany tamin'ny fampidirana ombivavy be ronono tao Vakinankaratra ny fisian'izao aretina izao.
Miompana amin'ny fividianana « Kits » ahafahana mitsabo, sy mandoa ny karaman'ireo « vétérinaires » izany fangatahana fanohanana arabola izany

**SEKRETARIAM-PANJAKANA miadidy ny TANANA VAOVAO sy ny TRANO FONENANA**

**Nankatoavina ny fampitam-baovao mikasika ny fangatahan'ny Sekretariam-panjakana hampiasa ny biraon'ny CFDM teo aloha etsy Anosy**

Mikasa ny hampitombo ny isan'ny mpiasa ao aminy ity sampandraharaha ity mba ahafahany manatratra ireo tanjony amin'ny fanatanterahana ny Veliranon'ny Filoham-pirenena. Noho izay tsy fahampian'ny toerana hiasany izay, dia nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny hampiasàn'ity sampandraharaha ity ny « immeuble ex CFDM » etsy Anosy.

**Nankatoavina ny fampitam-baovao mikasika ny fangatahana famatsiam-bola ahafahana manavao ireo moron-dranomasina « bord de la mer » ao Sambava sy ireo asa fanamboarana fotodrafitrasa amin'ity taona 2022 ity**

Izany dia ho fanatanterahana ny fampanantenana nataon'ny Filohan'ny Repoblika tao Sambava, ny 29 sy 30 oktobra 2021.

Ny Sekreteram-panjakana misahana ny Tanàna Vaovao sy ny Toeram-ponenana eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika no nomena iraka hanatanteraka io tetikasa io amin'ity taona 2022 ity.

Io tetikasa io dia manatanteraka ny vinan'ny Fitondrana hanamafy ireo fototra ara-toekarena eto Madagasikara, ka hahatonga ny distrikan'i Sambava ho lasa hery ara-toekarena vaovao, indrindra amin'ny maha toerana voalohany amin'ny famokarana Jirofo sy Lavanila azy. Ny saran'ity tetikasa vaovao ho amin'ny Fampandrosoana ity dia tombanana ho 3 813 900 000 Ariary.

## II- FANKATOAVANA DIDIM-PANJAKANA

**MINISITERAN'NY TOEKARENA sy ny FITANTANAMBOLA**

Noraisina ny didim-panjakana izay mampiditra ao anatin'ny kitapom-bolam-panjakana ilay famatsiam-bola na « indemnités d'assurance » avy amin'ny Vondrona African Risk Capacity (ARC) izay nomena ny Sampana CPGU eo anivon'ny fiadidiana ny Praminisitra ahafahana miatrika ireo asa fanarenana vokatry ny nandalovan'ny toetrandro ratsy teto Madagasikara sy hanampiana ara-tsosialy ny Mponina

## III- FANENDRENA TOMPON'ANDRAIKIM-PANJAKANA AMBONY

**MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA ny INDOSTRIA, ny VAROTRA ary ny FANJIFANA**

- Nankatoavina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2019-2230 tamin'ny 11 desambra 2019 ary manendry an'Andriamatoa **RANAIVOSON Herilalaina Lantotiana Olaf**, ho « **Directeur Technique** » **an'ny Centre Malgache de la Canne et du Sucre**

- Nankatoavina ny didim-panjakana manendry an-**dRamatoa RANAIVOSOA Mamitiana Olivia** ho **Talem-paritry ao amin'ny Faritra Vakinankaratra**

**MINISITERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA**

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'Andriamatoa **RAKOTOARISOA Zo Lalamaminiasy,** ho « **Chef de l'unité de communication** » eo anivon'ity Ministera ity
- Nankatoavina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-1238 tamin'ny 30 septambra 2020, ary manendry **an'Andriamatoa Mario Joel Iravoana** ho **Talem-paritry ny Fampianarana any amin'ny Faritr'i SAVA**

**MINISITERAN'NY ASA TANANA sy ny HAITAO**

- Nankatoavina ny didim-panjakana manendry an'Andriamatoa **RABETSIALONINA Moustane**, **Talem-paritra ao amin'ny Faritra SAVA**
- Nankatoavina ny didim-panjakana manendry an-**Dramatoa ROBISON RAKETAMANGA Lalao**, ho Talem-paritra ao amin'ny **Faritra VAKINANKARATRA**

## IV- FANAFOANANA

**MINISITERAN'NY ANGOVO sy ny AKORANAFO**

Nankatoavina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-177 tamin'ny 19 febroary 2020 izay **nanendry ny Sekretera jeneralin'ny Ministeran'ny Angovo sy ny akoronafo**

**Natao androany faha 23 martsa 2022**
**Ny Departemantan'ny Serasera sy ny Fifandraisana amin'ny Daholobe eto anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika**